



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-163

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA
NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-002-2021/PL TAMIN'NY 17 MEY 2021,
«MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N° 68-012 DU 04
JUILLET 1968 RELATIVE AUX SUCCESSIONS, TESTAMENTS ET DONATIONS, PRESENTEE PAR
LA DEPUTEE RAKOTOMANGA LANTOARIVOLA SEDERA, ELUE A ANTANANANARIVO II,
DEUXIEME QUESTEUR DE L'ASSEMBLEE NATIONALE»**

Fivoriana faha-5
Natao ny
Alakamisy 28 Oktobra 2021
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alakamisy 28 Oktobra 2021, tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2021/PL tamin'ny 17 May 2021 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°68-012 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la Députée RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, élue à Antananarivo II, Deuxième Questeur de l'Assemblée Nationale».

Nitohy ny Alakamisy 28 Oktobra 2021, tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fivoriambe handinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny tolo-dalàna laharana faha-002-2021/PL tamin'ny 17 May 2021 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°68-012 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations, présentée par la Députée RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, élue à Antananarivo II, Deuxième Questeur de l'Assemblée Nationale».

Rehefa izany, nangataka ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao ny fivakiny.

Nivory ny Alarobia 27 Oktobra 2021 tamin'ny 9 ora sy 45 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°68-012 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations», natolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, voafidy tao Antananarivo faharoa, Kestora Faharoan'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
2. JOHASY RAHARISOA Eléonore
3. RAFIDIMANANA Narson
4. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
5. RAZAFIMANTSOA Lobo Hanitriniaina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa isany:

1. RICHARD TSIMAHALEFY Alexandrine
2. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
3. JOHASY RAHARISOA Eléonore

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
2. ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ireto kosa ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana tonga nivory,

Ramatoa isany:

- | | |
|-----------------------------------|-----------------|
| 1. RABY SAVATSARAH | SG/Min Jus |
| 2. RAKOTONIRINA Vololoniaina | Chef SL/Min Jus |
| 3. RANDRIANARIVO A. Tracy Jessica | Magistrat |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an-dRamatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera ny fitenenana mba hitondrany fanazavana momba ny tolo-dalàna izay natolony.

Nambarany fa manova andininy telo amin'ny Lalàna teo aloha ny fanovàna nentina etoana dia ny andininy faha-16, ny andininy faha-19 ary ny andininy faha-83.

Efa nakana hevitra avy amin'ireo fiarahamonim-pirenena izy ity, eo ihany koa ireo mpahay lalàna ary ireo fikambanam-behivavy. Noho ny fisian'ny ady lova maro hita eny amin'ny Fitsarana no antony nanaovana azy. Eo ihany koa ny fanavakavahana amin'ny zon'ny vehivavy izay hita ao amin'ny andininy faha-83, ka niteraka fanafoanana io andininy io. Voakasik'izany ihany koa ny satan'ny mariazy amin'ny fanambadiana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanazavana mikasika ireo andininy nasiana fanitsiana Ramatoa Solombavambahoaka :

- Andininy faha-16: nitondrana fanovàna mikasika ny laharana misy ny vady izay velona eo amin'ny toerana faha-3 raha toa teo amin'ny toerana faha-8 izy teo taloha.
- Andininy faha-19: nampiana io andininy io mba hoentina mamaritra ireo fepetra ahafahana misitraka ny fandovana.
- Andininy faha-83: nofoanana io andininy io satria misy fanavakavahana eo amin'ny mahalaky sy ny mahavavy. Izany hoe manao fanilihana ny vehivavy amin'ny fandovana.

Nasiany fanazavana kosa ny voalaza tao amin'ny andininy faha-10 izay mamaritra ireo olona tsy tokony hisitraka izany fandovana izany, toy ireo olona voaheloky ny Fitsarana noho ny resaka vono sy ratra tamin'ny tompon'ny fananana.

Taorian'izay dia nanome fitenenana ireo Solombavambahoaka Ramatoa Filoha.

- **FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

Nanambara ireo Solombavambahoaka fa tokony hisy arofanina hiarovana ireo fananana ihany izy ity mba tsy ho lasan'olon-tokana ny fananana raha toa nisara-panambadiana matetika ilay olona.

Nisy koa ny nilaza fa maro ireo olona tsy mahay manao ny tokony hatao amin'ny "testament" na didy miafina ka tokony hamoraina ny fomba fanaovana azy. Nisy nanamarika anefa fa ny "testament" dia "acte individuel" ka tsy tokony hataon'ny olona rehetra ankoatran'ny tompony sy ireo iraka avy aminy toy ny vaditany.

Raha ny voakasiky ny andininy faha-83 dia tsy tokony ho foanana satria tsy dia misy fanavakavahana hita loatra amin'io andininy io, ka tsy ilaina loatra ny hanafoanana azy.

Nisy nilaza fa tsy misy idirany loatra amin'ny mahalaky na ny mahavavy izy ity, fa voakasika ao avokoa na ny lahy na ny vavy rehefa manambady, fa kosa ny fananana izay nolovaina avy amin'ny Ray aman-dreny na fananana manokana no mety ho lasan'ny vadiny raha toa tsy voasaraka ny fananana manokana sy ny fananana iombonana.

Nanamarika ny Solombavambahoaka iray, fa tsy vao izao ity lalàna ity no nitondrana fanovàna fa efa matetika, ka angatahana fikaonan-doha iraisana mba tsy hiverimberina ny fanovàna azy. Mety hisy lalàna maro ho voakitika ihany koa amin'ny fanovàna azy ity, toy ny lalàna mifehy ny fanambadiana, ny hitsivolana mifehy ny fisarahan-tena na "séparation de corps", sns

Miteraka olana amin'ireo olona mampiasa io lalàna io ny fikitihana ireo andininy ireo fotsiny.

Manaraka izay, nomena fitenenana ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

- **FANAMARIHANA AVY AMIN'NY TEKNISIANA**

Ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana dia mangataka ihany koa ny hanemorana ny fandinihana ity tolo-dalàna ity.

Entina manamafy izany fangatahana izany dia nanome izao fanazavana manaraka izao ny teknisiana.

Nambarany fa ao amin'ny lalàna laharana faha-2007-022 izay mifehy ny fanambadiana ny mikasika ny fizarana ny fananana izay nosafidian'ny mpivady, toy ny zaramira, ka araka ny voasoratra tao amin'ny fifanarahana tamin'ny mariazany no hitondrana azy raha toa misy ny fisarahana. Ireo fananana azo nandritry ny fanambadiana ihany no azon'ny vady velona lovaina raha sanatria misy ny fahafatesan'ny iray amin'ireo mpivady raha toa tsy misy didy miafina.

Ny fananana azo teo aloha na ny fananana manokana kosa tsy ananany zo velively raha tsy voasoratra ao anaty didy miafina satria fananana azo talohan'ny fanambadiana izany.

Ny andininy faha-20 ao amin'ny lalàna laharana faha-68-012 dia mamaritra tsara ny fepetran'ny fandovana ka mahasarotra ny fampiharana ny andininy faha-16 vaovao.

Ny andininy faha-20 ao amin'ny lalàna laharana faha-68-012 mantsy dia milaza fa tsy tokony ho any amin'ny lafiny vavy ny fananana lovaina avy amin'ny razamben'ny lahy na mifamadika amin'izany. Izy no anisan'ny antony nanaovana ny vady mandova aty amin'ny laharana faha-8 teo amin'ny lalàna laharana faha-68-012.

Manaraka izany, tsy tafiditra ao amin'ny lalàna Malagasy ny "mariage à titre posthume". Ny "séparation de corps" ihany koa izay voalaza ao amin'ny tolo-dalàna dia efa voafaritra ao anaty didy hitsivolana.

Raha ny lalàna Malagasy no jerena, hita fa ny lafiny mikasika ny fianakaviana no tena antony nanaovan'ny mpanoratra ny lalàna laharana faha-68-012 mba hitandroana ny Rà sy ny fihavanana izay hita fa ambony amin'ny Malagasy. Noho izany, tokony ho eo aloha ny Ray aman-dreny vao manaraka ny vady. Natao izany, hoy izy ireo, mba hitandroana ny fihavanana sy ny fananana izay efa nananan'ny fianakaviana satria mety ho voakitika hatramin'ny fananana manokana raha toa tsy marihana tsara ny fepetra amin'izany.

Manoloana izany fanamarihana rehetra izany ary noho ny fangatahan'ny mpivory ny hanemorana ny fandinihana ny tolo-dalàna dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny Vaomiera.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahafahana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, tapaky ny Vaomieran'ny Lalàna, fa averina hiarahana dinihana indray ny fandrafetana sy ny fanoratana ny tolo-dalàna laharana faha-002-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°68-012 du 04 juillet 1968 relative aux successions, testaments et donations», izay natolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, voafidy tao Antananarivo Faharoa, Kestiara Faharoan'ny Antenimierampirenena ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nilaza fa averina amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ity tolo-dalàna ity.

Niato tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny Mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona